


REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fiteavana · Tanindrazana · Fandrosoana



ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2021**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-184

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY:

- TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-007-2021/PR «TENDANT À LA CRÉATION D'UNE COMMISSION D'ENQUÊTE PARLEMENTAIRE SUR LES ACTIVITÉS DES SERVICES DES DOUANES», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIANAMBININA DJOHARY LEE, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I VONDROZO SY IREO NAMANY;

- TOLO-DALANA LAHARANA FAHA-008-2021/PL «MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2005-023 DU 17 OCTOBRE 2005 PORTANT REFONTE DE LA LOI N°96-034 DU 27 JANVIER 1997 PORTANT REFORME INSTITUTIONNELLE DU SECTEUR DES TELECOMMUNICATIONS», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIAMANATRIKARIVO TIANA JAMES PIERROT, VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'IFANADIANA

Fivoriana Faha-26
Natao ny
Talata 14 Desambra 2021
- hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

MPITANTSORATRA: Ramatoa ANGELE Solange

FOTOANA: Talata 14 Desambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny:

- Tolo-pehin-kevitra laharana faha-007-2021/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur les activités des services des Douanes», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vondrozo sy ireo namany;

- Tolo-dalàna laharana faha-008-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des Télécommunications», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMANATRIKARIVO Tiana James Pierrot, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ifanadiana.

Nitohy ny Talata 14 Desambra 2021, tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'i Fianarantsoa no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa ANGELE Solange.

Rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin'ny fanatontosana izany, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny volaza etsy ambony.

Niangavy ny Mpampakateny ihany koa ny tenany hamaky ny tatitra mikasika momba ny Tolo-pehin-kevitra.

Taorian'izay, nanamarika Andriamatoa Filoha, fa mbola tsy tonga ny Mpampakateny. Nambarany koa fa eo amperin'asa ny vaomiera mandinika ity Tolo-pehin-kevitra ity hatramin'izao ka tsara raha ahemotra amin'ny fotoana manaraka amin'izay mahavonona ny vaomiera no handinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika azy.

Samy nanaiky ny fanemorana voalazan'Andriamatoa Filoha teo ny Solombavambahoaka tonga novory.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot. Nomena fitenenana izy ka toy izao no nambarany: nisy Tolo-dalàna natolony teo alohan'ny Tolo-pehin-kevitra kanefa nahemotra ny fandinihana azy.

Niangavy ny handrosoana ny Tolo-dalàny izy raha tsy tonga ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra teo aloha. Efa vonona eto daholo ny teknisiana avy any amin'ny Minisiteran'ny Paositra, ka inona no antony tsy handinihana ny Tolo-dalàna.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa miankina amin'ny Solombavambahoaka no hirosoana amin'ny fandinihana ny Tolo-dalàna na tsia. Aleo handraisana fanapahan-kevitra ny momba izay. Raha ekena ny hirosoana amin'izany dia hatao.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nanaiky; tsy nisy nitsipaka; Solombavambahoaka miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa haroso ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna mikasika ny «réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications» ary niangaviany ny tomponandraikitra hampiditra ny teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Paositra.

Taorian'izay, niarahaba ny Minisitry sy ny teknisiana niaraka taminy Andriamatoa Filoha ary nanambara fa handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-008-2021/PL «portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications» ny mpivory.

Nampahatsiahivany koa fa hisy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny «ratification», ka mbola mitohy ny asam-baomiera rehefa vita izao fivoriambe izao.

Nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nametraka fanontaniana momba ny fiovan'ny «ordre du jour» Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore raha nomena fitenenana. Nangatahany koa ny fomba ahafahana manaraka ny fivoriana satria manahirana raha tahaka izao no fomba fiasa.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa tsy misy fiovaàna manao ahoana ny «ordre du jour», fa araka ny satroka nataon'ny Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot teo, efa vita ny asam-baomiera ka nangataka ny handrosoana ny fandinihana ny Tolo-dalàna natolony izy. Mikasika ny asam-baomiera tarihin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola dia «ratification» izany, ka nangataka ny Filohan'ny Vaomiera mba hanohy ny asany izy ireo aorian'izao fivoriana izao.

Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène kosa nilaza fa nisy taratasy voarainy, «ordre du jour additif» raha ny fahitany azy, manambara hoe ny Talata sy Alakamisy no misy fivoriana fa ny Alarobia tsy misy.

Namaly Andriamatoa Filoha fa tsy tena «ordre du jour additif» izay voarain'ny Solombavambahoaka teo izay, fa fandaminana nangatahan'ny Vaomiera ihany.

Nanao satroka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ka nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana.

Nanontany ny tenany raha tsy azo atrehan'ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny «commission de finances» ny asan'io vaomiera io.

Raha ny fahalalany azy; malalaka ny fanatrehana asam-baomiera na Solombavambahoaka tsy mpikambana, fa ny mifidy no tsy azo atao.

Namaly Andriamatoa Filoha fa raha volavolan-dalàna mikasika «ratification», ny «commission de finances et du budget» dia «saisie au fond», ny «commission de l'économie et de la planification» sy ny «commission d'évaluation de la politique publique» kosa «saisie pour avis»; tahaka izay koa ny «commission de l'énergie et de l'eau». Noho izany, entanina ny Solombavambahoaka hanatevina ny asam-baomiera izay afaka hanatrika izany.

Taorian'izay, niangavy ny Mpampakateny, Andriamatoa Filoha, hamaky ny tatitra satria efa nahazo izany ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTONIRINA Jimmy Joe, no namaky izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy 13 Desambra 2021 tamin'ny 12 ora sy 40 minitra, atoandro, ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-008-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ifanadiana.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao tonga nanatrika ny fivoriana.

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. ANDRIANAMBININA Djohary Lee
2. ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
3. RIVOTIANA Jean Bosco
4. RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
5. ANDRIAMIATRIKARIVO James Tiana Pierrot

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa

1. JOHASY RAHARISOA Eléonore

Ireto kosa ireo teknisiana avy amin'ny Governementa,
Andriamatoa sy Ramatoa isany:

- | | |
|-------------------------|-----------|
| 1. ANDRIANAIVO Maria | DAJ/MNDPT |
| 2. RADAFY Volana | MNDPT |
| 3. RANDRIANARIVONY Haja | MNDTP |
| 4. RAKOTOARIVONY Hery | MNDTP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO James Tiana Pierrot ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mikasika ity Tolo-dalàna ity.

Nambarany tamin'izany fa hita fa tsy mirafitra tsara ny fomba fiasan'ny "Autorité de Régulation des Technologies de Communications (ARTEC) nandritra ny fitsirihana natao tamin'ny fanadihadiana Parlementera mikasika ireo mpandraharaha ara-pifandraisan-davitra.

Andininy telo no nasiana fanovàna tao amin'ny rijan-teny miresaka izany dia ny andininy faha-26 izay manisy fifandanjana eo amin'ireo Filankevi-pitantanana'ny ARTEC. Nampifamadihana ihany koa ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Filankevi-pitantanana eo amin'ny tsy miankina izay nahena ho 3 sy ny avy amin'ny Fanjakana izay miisa 4 ao anatin'ny fanovàna nentina.

Ny andininy faha-27 kosa mametraka ny rafitra entina manendry ireo Filankevi-pitantanana.

Ny andininy faha-33 dia mamaritra ny asa sy ny andraikitra ny Filankevi-pitantanana amin'ny ankapobeny.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fihainoana ny Teknisiana ny Vaomiera mba hitondrany fanazavana mikasika ny hevitra ny Governemanta momba ity Tolo-dalàna ity. Nambaran'izy ireo fa maneho fanakasitrahana sy fisaorana amin'ny fanolorana ity Tolo-dalàna ity izy ireo ary ny hevitra avy amin'izy ireo dia efa voarakitra ao amin'ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA

Nisy Solombavambahoaka nanao fanamarihana fa zavatra maro no tokony mbola hampidirina ao anatin'ity Tolo-dalàna ity araka ny sosokevitra nivoitra nandritra ny tatitra nataon'ny «Cour des Comptes» izay nametraka teboka maro momba ny tsy fahalavorarian'ny fitantanana tao amin'ny ARTEC. Noho izany, tokony hanaovana Tolo-dalàna manokana mifehy ny FDTIC na ny «Fonds pour le Développement des Technologies de l'Information et de la Communication».

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

FANONTANIANA

1. Inona ny mahatonga ny fe-potoana fitantanana ny Filohan'ny Filankevi-pitantanana ho 2 taona fa tsy 4 taona?

VALIM-PANONTANIANA

1. Raha ohatra olona vonona hiasa izy dia tokony ho hita taratra eo amin'ny faha-2 taona ny fahavitrihany.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandaniana isan'andiny ny Tolo-dalàna ny mpivory.

- Filazana ny antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faharoa: Lany nasiam-panovàna (jereo tovana)
- Andininy faha-3: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-4: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna
- Andininy faha-5: Lany nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrara ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirena.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra ary ny Teknolojia Vaovao tamin'ny endriny nasiam-panovàna ny ny Tolo-dalàna laharana faha-008-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, voafidy tao amin'ny Distrikan'Ifanadiana.

Nifarana tamin'ny 1 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p>Article 2 : Les dispositions des articles 26, 27 et 33 de la Loi n° 2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n° 96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des télécommunications sont modifiées et complétées comme suit :</p> <p>« Article 26 (nouveau) :</p> <p>(1) Les organes de l'Agence de Régulation sont :</p> <ul style="list-style-type: none"> - le Conseil d'Administration ; - la Direction Générale et - l'Agence comptable. <p>Une cellule stratégique est créée pour appuyer le Conseil d'Administration dans le suivi de l'organe exécutif.</p>	<p>Article 2 : Les dispositions des articles 26, 27 et 33 de la Loi n° 2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n° 96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des télécommunications sont modifiées et complétées comme suit :</p> <p>« Article 26 (nouveau) :</p> <p>(1) Les organes de l'Agence de Régulation sont :</p> <ul style="list-style-type: none"> - le Conseil d'Administration ; - la Direction Générale et - l'Agence comptable. <p>Une cellule stratégique est créée pour appuyer le Conseil d'Administration dans le suivi de l'organe exécutif.</p>

<p>(2) Le Conseil d'administration est composé de sept (07) membres nommés par <u>Décret pris en Conseil des Ministres</u>, dont :</p> <ul style="list-style-type: none"> <input type="checkbox"/> un (01) représentant de la Présidence de la République ; <input type="checkbox"/> un (01) représentant du Ministère chargé de la tutelle technique ; <input type="checkbox"/> un (01) représentant du Ministère chargé de la tutelle financière ; <input type="checkbox"/> un (01) <u>représentant du Ministère chargé de la Justice</u>; <input type="checkbox"/> trois (03), désignes en raison de leur compétence en matière technique, financière, économique ou juridique parmi les candidats proposés par l'organe de représentation du secteur privé, sur la base d'une large concertation entre les groupements sectoriels, patronaux et professionnels, sans lien Statutaire ou contractuel ni avec la fonction publique ni avec toute entreprise détentrice de licence ou soumise au régime de déclaration prévu par les dispositions de la présente Loi. <p>Les administrateurs sont nommés pour un mandat <u>de quatre (04) années</u>, renouvelable une fois.</p> <p>.....</p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>	<p>(2) Le Conseil d'administration est composé de sept (07) membres nommés par arrêté pris par le Ministre de tutelle technique, dont :</p> <ul style="list-style-type: none"> <input type="checkbox"/> un (01) représentant de la Présidence de la République ; <input type="checkbox"/> un (01) représentant du Ministère chargé de la tutelle technique ; <input type="checkbox"/> un (01) représentant du Ministère chargé de la tutelle financière ; <input type="checkbox"/> un (01) représentant du Ministère chargé de la Communication ; <input type="checkbox"/> trois (03), désignes en raison de leur compétence en matière technique, financière, économique ou juridique parmi les candidats proposés par l'organe de représentation du secteur privé, sur la base d'une large concertation entre les groupements sectoriels, patronaux et professionnels, sans lien Statutaire ou contractuel ni avec la fonction publique ni avec toute entreprise détentrice de licence ou soumise au régime de déclaration prévu par les dispositions de la présente Loi. <p>Les administrateurs sont nommés pour un mandat trois (03) années, renouvelable une fois.</p> <p>.....</p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>
<p>Article 27 (nouveau) : Le Conseil d'Administration est présidé par le représentant du Ministère de tutelle technique. Le Vice-Président est élu par les membres du Conseil d'Administration parmi les administrateurs représentant le secteur privé. <u>L'élection</u> du Président et du Vice-Président <u>est</u> constatée par <u>décret pris en Conseil des Ministres</u>.</p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>	<p>Article 27 (nouveau) : Le Conseil d'Administration est présidé par le représentant du Ministère de tutelle technique. Le Vice-Président est élu par les membres du Conseil d'Administration parmi les administrateurs représentant le secteur privé. La nomination du Président et l'élection du Vice-Président sont constatées par Arrêté pris par le Ministre de tutelle technique.</p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>

<p>Article 33 (nouveau): Les fonctions de Directeur Général de l'Agence de Régulation sont exercées par une personnalité recrutée par voie d'appel d'offres d'emploi lancé par le Conseil d'administration selon des critères de compétences techniques et de gestion objectivement vérifiables conformes à la réalisation des objectifs fixés et selon une procédure transparente notifiée par une annonce nationale et internationale.</p> <p><u>Son mandat est de deux (02) ans.</u> Toute nomination ou révocation des fonctions de Directeur Général est effectuée par décret pris en Conseil des Ministres sur proposition du Ministre de Tutelle, à la requête du Conseil d'Administration.</p> <p>Un Directeur Général sortant ne peut participer qu'une et une fois à l'appel d'offres d'emploi visé à l'alinéa précédent. <u>Il ne peut exercer plus de deux (02) mandats à ce poste.</u></p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>	<p>Article 33 (nouveau): Les fonctions de Directeur Général de l'Agence de Régulation sont exercées par une personnalité recrutée par voie d'appel d'offres d'emploi lancé par le Conseil d'administration selon des critères de compétences techniques et de gestion objectivement vérifiables conformes à la réalisation des objectifs fixés et selon une procédure transparente notifiée par une annonce nationale et internationale.</p> <p>Toute nomination ou révocation des fonctions de Directeur Général est effectuée par décret pris en Conseil des Ministres sur proposition du Ministre de Tutelle, à la requête du Conseil d'Administration.</p> <p>Un Directeur Général sortant ne peut participer qu'une et une fois à l'appel d'offres d'emploi visé à l'alinéa précédent.</p> <p>LE RESTE SANS CHANGEMENT</p>
<p>Article 4 : Toutes les dispositions législatives et règlementaires contraires à celles de la présente, dont celles des articles 26, 27 et 33 de la Loi n° 2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n° 96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des télécommunications et des articles 4, 6, 7, 19 et 20 du Décret n° 2006-213 du 21 mars 2006 modifié et complété par le Décret n° 2019-251 du 7 mars 2019 instituant l'Autorité de Régulation des Technologies de Communication de Madagascar sont et demeurent abrogées.</p>	<p>Article 4 : Toutes les dispositions législatives et règlementaires antérieures contraires à celles de la présente, dont celles des articles 26, 27 et 33 de la Loi n° 2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la Loi n° 96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des télécommunications et des articles 4, 6, 7, 19 et 20 du Décret n° 2006-213 du 21 mars 2006 modifié et complété par le Décret n° 2019-251 du 7 mars 2019 instituant l'Autorité de Régulation des Technologies de Communication de Madagascar sont et demeurent abrogées.</p>
<p><u>Article 4</u></p>	<p>Article 5</p>

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiana ny tatitra, Andriamatoa Filoha dia nanamabara hiroso amin'ny fanamarihana sy fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, nambarany fa ampy ny tatitra saingy ny anarany no nisy banga; tokony hampiana “I” eo amin’ny faran’ny tatitra.

Tsy nanana fanamarihana momba ny tatitra kosa Andriamatoa Minisitry.

Taorian’izay, nilaza Andriamatoa Filoha, raha tsy misy manan-kambara intsony dia iangaviana ny Solombavambahoaka mpanolotra mba hanazava ny antonanton’ny Tolo-dalàna.

Toy izao no nambaran’Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, tamin’ny fanazavana nomeny: ny antony nanaovana ny Tolo-dalàna dia nahatsiaro fa nisy fahabangana ny «enquête parlementaire» nataon’ny Antenimierampirenena. Misy olana maro iainan’ny mpanjifa; tahaka izay koa, misy olana ho an’ny «administration» mikarakara ny “régulation” mikasika ny “Télécommunication” eto amintsika. Izay no nahatonga ny fanapahan-kevitra hanolotra volavolan-dalàna hanatsarana ny fitantanana ny “Administration publique”.

Ny “Administration publique” rehetra eto Madagasikara dia misy “agent comptable” daholo; ny ARTEC kosa tsy manana an’izany kanefa izy no mikirakira ny vola rehetra miditra amin’ny Fanjakana Malagasy raha ny fifandraisan-davitra no resahana.

Manaraka ny lalàna iraisam-pirenena ny fisian’ny “agent comptable” ary miisa 7 ny “Administrateurs” tokony hiasa ao amin’ny ARTEC hisolotena ny Minisitry na ny “entité” tsirairay koa. Ao anatin’izany ny Filohampirenena, ny Minisiteran’ny Fitantanam-bola ary ny Minisiteran’ny Fifandraisan-davitra.

Izay no antony nanaovana ity Tolo-dàlana ity, anisan’izany koa ny hjerena manokana ny asan’ny ARTEC.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny Tolo-dalàna no namaranany ny teniny.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Fampandrosoana Ara-Kajy Mirindra sy ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra, raha misy teny tiany hanampiana ny fanazavana teo.

Nanamafy ny tenany fa mifanaraka tanteraka amin’ny fomba fijerin’ny Governemanta ity Tolo-dalàna ity rehefa nodiniana tao amin’ny Filankevitry ny Governemanta.

Nisy tokoa ny “commission d’enquête Parlementaire” natao ary nisy fanamarihana hoe nahitana zavatra tsy nety teo anivon’ny Filankevi-pitantanan’ny ARTEC. Tsapa koa fa ny Vaomieran’ny Fifandraisan-davitra dia niaro sy miaro ny zon’ny mpanjifa, miaro ny soa iombonana ato anatin’ity Tolo-dalàna ity.

Nisy fanamarihana nataon’ny Governemanta tamin’ny tatitra. Izany hoe, momba ny “nomination des membres de conseil d’administration» izay atao «par arrêté», eo koa ny «Président du conseil d’administration» sy ny «vice-Président du conseil d’administration». Marihana fa 7 no isan’ny olona ao anatin’ny «conseil d’administration», ka 4 avy amin’ny sehatra tsy miankina ary miisa 3 avy amin’ny “administration publique”.

Nampifamadihana izany ankehitriny, ka 4 avy “administration publique” ary 3 avy amin’ny sehatra tsy miankina. Napetraka ao amin’ny Filankevi-pitantanan’ny ARTEC ny solotenan’ny “présidence de la république” mba ahafahana miaro ny zon’ny mpanjifa sy manamafy ny kalitao eo anivon’ny fifandraisan-davitra ao aminy koa.

Araka ny voalazan’ny tatitra teo, nisy ihany koa tatitra nataon’ny «Cour des Comptes» ka noraisina ho anisan’ny «recommandation» amin’ity Tolo-dalàna ity; ohatra, ny momba ny «agent comptable public» izay Tale Jeneralin’ny ARTEC ka tsy nahafahan’ny Minisiteran’ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola nijery ny resaka «taxe».

Voalaza tamin’io tatitra nataon’ny «Cour des Comptes» io koa ny fomba fitantanana tao amin’ny ARTEC ary mila fanadihadiana izany satria ny fanatsarana ny «fréquence» momba ny fifandraisan-davitra eto Madagasikara no tanjona.

Amin’ny ankapobeny, mifanaraka amin’ny fomba fijerin’ny fahefana mpanatanteraka ity Tolo-dalàna ity.

Rehefa izany, nisaotra an’Andriamatoa Minisitry, tamin’ny fanazavana nentiny, Andriamatoa Filoha ary nanambara, fa mila fanarenana ny fitantanana-draharaha ao amin’ny ARTEC mba ho tombotsoan’ny firenena.

Taorian’izay, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, nilaza fa raha mitovy ny fomba fijery, tsara raha tonga dia miroso amin’ny fandaniana ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, kosa nanambara fa fanatsarana ny fitantanana ny fifandraisan-davitra no dinihana. Tombotsoan’ny mpanjifa koa no jerena, ka tsara raha misy solotenan’ny mpanjifa ao anatin’ny Filankevi-pitantanan’ny ARTEC satria ny fitondram-panjakana no mijery ny fampandehanan-draharaha. Ny tsy miankina tsy maintsy mijery ny tombotsoany. Maro ny olona no mitaraina amin’ny fomba fiasan’ny “opérateur” tahaka ny “Télécom” ohatra. Izay no ilazana fa tokony hisy solotenan’ny mpanjifa ao amin’ny “Conseil d’Administration”-n’ny ARTEC. Raha heverina fa mitombina ny sosokevitry, azo atao 8 ny isan’ny olona mpikambana ao amin’ny “Conseil d’Administration” na mety azo ahena koa ny solotenam-panjakana ao anatin’ny.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa sarotra ny hampidirana izay ho solotenan’ny mpanjifa ao anatin’ny «Télécommunications». Ny fitantanana amin’ny ankapobeny no tokony hatsaraina ary efa manana solotena ao ny fanjakana izay nofidin’ny vahoaka. Eritreretina fa efa manana solotena ao ny mpanjifa satria ny fitondrana dia miaro ny mpanjifa.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa kosa nanamabara fa “Etablissement public» lehibe tahaka an’io ve hatramin’izay dia tsy nisy nahalala hoe tsy manana “agent comptable” ny ARTEC. Ny tsy miankina foana ve hatramin’izay no nahazo tombotsoa tao ary izy izany no mibaiko ny fanjakana.

Mendrika hotohanana izany fanatsarana izany ary misaotra amin’ny fandraisana andraikitra.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa ny olona nanatrika asam-baomera indray no lasa mandray fitenenana kanefa ny tatitra efa vita.

Nanao satroka Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa nisy ny asam-baomiera nataon'ny «commission d'évaluation de la politique publique» omaly nandinika ny «proposition de loi relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar»; taorian'izay vao namonjy ny asam-baomiera momba ity Tolo-dalàna ity. Efa tapany no sisa tratra ka tsy afaka nandrava ny efa tapaka intsony izahay kanefa zony koa ny mitondra fanatevenana mba hanatsarana ny zavatra efa vita.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, nilaza fa zava-dehibe tokoa ny fanavaozana ny ARTEC; amin'izao fotoana izao efa “nommé par arrêté» ny mpikambana ao amin'ny «Conseil d'Administration». Tsara ny fiaraha-miasa ary miravona ny tsy fitovian-kevitra, ka aleo laniana amin'izay ny Tolo-dalàna.

Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson kosa nanambara fa tsy nanana olona ve ny mpitondra teo aloha ka ny tsy miankina indray no betsaka tamin'ny mpikambana tao amin'ny “Conseil d'Administration” tamin'izany; amin'izao fotoana izao, olona avy amin'ny fanjakana indray no maro. Tsy tokony homena ny tsy miankina mihitsy izany ARTEC izany raha ny zava-misy momba ny fifandraisan-davitra no dinihana.

Nomena fitenenana hatrany, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore ary nambarany fa betsaka ny sehatra misy solotenan'ny mpanjifa raha eto amintsika no resahana. Misy fikambanana miaro ny zon'ny mpanjifa ihany koa; maninona raha asiana an'izany koa ao amin'ny fifandraisan-davitra. Iza no sahy hilaza fa afaka miaro tanteraka ny zon'ny mpanjifa tokoa ny fitondram-panjakana. Ahoana no ahafahana milaza fa tsy hita izay olona hampidirina ho solotenan'ny mpanjifa ao amin'ny fitantanana. Izany tsy midika fa hanala ny fahefana amin'ny fitondrana ny fampidirana io solotenan'ny mpanjifa io, fa sosokevitra amin'ny fanatsarana no tiana ambara amin'izany.

Nanambara kosa Andriamatoa FIENANA Richard Désiré, fa aleo tsy maneho hevitra raha nomena fitenenana ny tenany.

Nanamafy Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, fa tsara raha asiana solotenan'ny mpanjifa ao anaty Filankevi-pitantanana. Amin'ireo “membres du Conseil d'Administration” miisa 7 ireo, misy mpikambana miisa 3 tendrena araka ny fahaiza-manaony momba ny resa-bola, ny toekarena ary ny lalàna. Azo lazaina fa malalaka ny fomba isafidianana ireo olona 3 ireo. Tokony ho hita taratra ao izay ho solotenan'ny mpanjifa rehefa mifanaraka izy ireo. Amin'ireo solotenan'ny Filohampirenena sy ny Minisitera kosa, azo lazaina fa efa mety ny fitsinjarana azy.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré kosa nanambara, fa raha jerena ny voalazan'ny Solombavambahoaka teo, ny mpanjifa no tena mampiasa ny “Opérateur”. Ny fakana tahaka ny fomba fitantan'ny vahiny no olona eto amintsika; vokatr'izay, lasa tsy mandeha amin'ny tokony ho izy ny zavatra atao. Misy fifaninana koa eo amin'ny “opérateur” kanefa mitovy daholo ny “prix” ary ao anatin'izay, misy fitaka mahazo ny mpanjifa ihany koa.

Tsapa fa mitovy ny hevitra, koa maninona no tsy atao amin'izay ny fandaniahana ny Tolo-dalàna.

Nanambara Andriamatoa TOVONDRAÏ Retsanga Brillant De L'Or, fa ny Solombavambahoaka manara-maso ny fampiharana ny lalàna rehefa lany soa aman-tsara izany. Miangavy koa mba atao izay tsy hahafatiantoka ny mpanjifa amin'ny fampiharana ny lalàna satria tsy mety raha mbola atao izay hahazoan'ny "opérateur" vahana amin'izany.

Raha ny "Telma" manokana no resahana, 77 miliara Ariary no vola azony nametrahana "réseau" manerana an'i Madagasikara; raha dinihana izany, tsy tokony hisy Distrika tsy hanana "réseau" intsony eto amintsika. Momba ny fomba fiasa, rehefa hanome "réseau" ho an'ny Distrika iray ny "opérateur", tsy izy no tompon'ny fanapahan-kevitra fa ny Minisitery. Hahita faisana hatrany ny toerana sy ny Distrika tsy ahitan'ny "opérateur" tombotsoa raha izao no mitohy. Tafiditra ao antin'izay ohatra ny ny Distrikan'i Midongy sy Befotaka kanefa ity Tolo-dalàna ity no antenaina fa hananay "réseau" tsaratsara koa. Raha mbola misy zavatra ahazoan'ny "opérateur" vahana, tokony hampidirina ao anatin'ny "article" amin'ity Tolo-dalàna ity ny ahafahan'ny Minisiteran'ny Fifandraisan-davitra miara-miasa amin'izy ireo.

Namaly Andriamatoa Filoha, fa ity Tolo-dalàna ity dia natao ho fanatsarana fitantanana ao amin'ny "secteur des télécommunications". Raha ny marina, ny "Conseil d'Administration" no mametraka ny "politique d'orientation" ho an'ny "direction générale". Izay no nahatonga ny Solombavambahoaka mpanolotra hanao ity Tolo-dalàna ity ary notohan'ny Minisitery koa izany satria mitovy ny fomba fijery.

Mbola nomena fitenenana Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nambarany fa tokony hisy sosokevitra ahafahana mamaly ny resaka zon'ny mapjifa. Mba ho fiarovana ny zon'ny mpanjifa, aleo soloina ny fanoratana azy satria raha ny voasoratra ato dia: "candidats proposés par l'organe de représentation du secteur privé, sur la base d'une large concertation entre les groupements sectoriels, patronaux et professionnels», fa tsy ny mpanjifa no hakana ny solotena ho ao. Raha amin'ireo telo ireo no hakana ny solotenan'ny mpanjifa, tokony hosoratana ato izay satria ny "opérateur" tsy hanome toerana ny mpanjifa mihitsy. Fifandanjana anefa no tadiavina amin'ity zavatra ity. Izany hoe, tokony hisy fifandanjana eo amin'ny sehatra tsy miankina sy ny fitondrampanjakana ary ny mpanjifa satria mpiantsehatra lehibe tokoa ny mpanjifa ato anatin'ity zavatra ity.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka, nomena fitenenana Andriamatoa RAZAFINDRAMALO Tahiana, Minisitry ny Fampandrosoana Ara-Kajy Mirindra sy ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra; fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fanamarihana momba ny tokony hisian'ny solotenan'ny mpanjifa ao anaty «Conseil d'Administration» ny tenany.

Namarihany, fa ny olana tamin'ny adivevitra dia izay hisolotena ny fikambanan'ny mpanjifa. Notsindriany koa fa ao amin'ny ARTEC dia misy ny laharana maitso ahafahan'ny olona miantso raha misy olana amin'ny fifandraisan-davitra.

Hanamorana ny asa ao amin'ny Minisitery no tanjona, ka izany no nahatonga ny fanatsarana ny fitantanana mba ahafahana mandrindra ny zavatra atao.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Minisitry, tamin'ny fanazavana nataony, Andriamatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny ny mpivory.

Nambarany fa ahitana andiny miisa 5 ny Tolo-dalàna.

Fanazavana ny antonantony, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fanazavana ny antonantony.

Andiny voalohany, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 39 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny andiny voalohany.

Andiny faha-2, lany nasiam-panovàna (jereo ny tovana)

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany andiny faha-2.

Andiny faha-3, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany andiny faha-3.

Andiny faha-4, lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany Andiny faha-4.

Andiny faha-5, lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna; jereo ny tovana.

Rehefa natao ny tsangan-tàna, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha fa lany Andiny faha-5.

Amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra amin'ny ankapobeny, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa ny Andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipka Anaty mifehy ny Antenimierampirena no ampiharina.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 38 no nandany; tsy nisy nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-008-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-023 du 17 Octobre 2005 portant refonte de la Loi n°96-034 du 27 Janvier 1997 portant réforme institutionnelle du Secteur des Télécommunications».

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, ka fisaorana ny Solombavambahoaka no nataony tamin'ny fandaniahana ny Tolo-dalàna natolony. Fisaorana ny Minisitra ihany koa nitovy fijery tamin'ny Solombavambahoaka, ka nanamora ny fandaniahana ny Tolo-dalàna.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa Minisitra, fankasitrahana ny vaomiera tamin'ny fandaniahana ny Tolo-dalàna sy nampitovy fijery tamin'ny Minisitara no nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, ka ny Alarobia 15 Desambra 2021 amin'ny 9 ora, maraina, hisy ny asam-baomiera handinika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2021/PL «modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2011-002 du 15 juillet 2011 portant code de la santé», atolotry ny Solombavambahoaka VONINAHITSY Jean Eugène, voafidy tao Morafenobe. Amin'ny 11 ora, atoandro, hisy ny «Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois Sociales»

Niato tamin'ny 6 ora sy 40 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

